REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

**Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana**

------

**MINISTERAN'NY FILAMINAM-BAHOAKA**

------

**MINISITERAN'NY NY ASA, NY FAMPANANAN'ASA ARY NY ASAM-PANJAKANA**

------

**DIDIM-PITONDRANA IRAISAN'IREO MINISTERA**
**LAHARANA FAHA 23 378/2025**

**VISA FIN N°2261-SGEAE du 12/09/2025**

**VISA DGCF N° 2621 du 12/09/2025**

**Anokafana fifaninanana sy amerana ireo fepetra fandaminana sy ny fandraisana anjaraamin'ireo fifaninanana hidirana ao amin'ny Sekolim-Pirenena ho an'ny « Inspecteurs » sy « Agents de Police » (ENIAP) ao Antsirabe mba handraisana mpianatra ho « Agents de Police » miisa dimanjato (500).**

**NY MINISITRY NY FILAMINAM-BAHOAKA,**
**NY MINISITRY NY ASA, NY FAMPANANAN'ASA ARY NY ASAM-PANJAKANA,**

- Araka ny lalampanorenana ;
- Araka ny Lalàna laharana 96-026 tamin'ny 02 oktobra 1996, mikasika ny Sata Ankapobeny Mahazaka tena ho an'ireo mpandraharaha eo anivon'ny Polisim-pirenena ;
- Araka ny Lalàna laharana fa 2003-011 tamin'ny 03 septambra 2003 mikasika ny sata ankapoben'ny mpiasam-panjakana ;
- Araka ny Lalàna laharana 2016-020 tamin'ny 22 Aogositra 2016 ho an'ny ady amin'ny kolikoly ;
- Araka ny Didim-panjakana laharana 2002-1549 tamin'ny 03 desambra 2002 mikasika ny sata manokan'ny firaisan-draharahan'ny « Brigadiers » sy « Agents de Police » sy ny Didim-panjakana laharana 2013-025 tamin'ny tamin'ny 15 Janoary 2013 manitsy ny andininy sasantsasany amin'ny satamanokan'ny Firaisan-draharahan'ny « Brigadiers » sy « Agents de Police » ;
- Araka ny Didim-panjakana laharana 2003-458 tamin'ny 08 Aprily 2003 novana sy nofenoin'ny didim-panjakana laharana 2003-1181 tamin'ny 23 desambra 2003 mifandraika amin'ny ambaratongam-pahefana, ny dingana ara-marikarama sy mahasahana ny fanomezana tamby ho an'ny firaisan-draharahan'ny « Brigadiers » sy « Agents de Police » ;
- Araka ny Didim-panjakana laharana 2011-446 tamin'ny tamin'ny 09 Aogositra 2011 manova sy mameno ny andininy sasantsasanyao amin'ny Didim-panjakana laharana 2004-730 tamin'ny 27 Jolay 2004 mamaritra ireo fombafomba fandraisanasy fanendrena ireo mpiasam-panjakana ;
- Araka ny Didim-panjakana laharana 2011-447 tamin'ny tamin'ny 09 Aogositra 2011 manova sy mameno ny andininy sasantsasanyao amin'ny Didim-panjakana laharana 2005-500 tamin'ny 19 Jolay 2005 amehezana ireo fombafomba ankapobeny mifandraika amin'ny fandaminana ireo fifaninanana ara-panjakana ;
- Araka ny Didim-panjakana laharana 2024-1456 tamin'ny 12 jolay 2024 anendrena ny Praiminisitra, lehiben'ny Governemanta ;
- Araka ny Didim-panjakana laharana faha-2024-1612 tamin'ny 22 Aogositra 2024, novaina novana sy nofenoina tamin'ny tamin'ny tamin'ny Didim-panjakana laharana faha-2025-812 tamin'ny 19 Jolay 2025, manendry ny mpikambana ao amin'ny Governemanta
- Araka ny Didim-panjakana laharana 2024-055 tamin'ny 20 Janoary 2024 mametra ireo anjara raharahan'ny Minisitry ny Asa, ny fampananan'asa ary ny asam-panjakana, sy ny fandaminana ankapoben'ny Ministerany ;
- Araka ny Didim-panjakana laharana 2022-551 tamin'ny 20 Aprily 2022 manova sy mameno ny andininy sasantsasany ao amin'ny Didim-panjakana laharana faha 2020-157 du 19 Février 2020 amerana ireo Anjara raharahan'ny Minisitry ny filaminam-bahoaka sy ny fandaminana ankapoben'ny Departemantany ;
- Araka ny Didim-panjakana laharana 24790/2018 tamin'ny 09 oktaobra 2018, manova sy mameno ny andininy vitsivitsy ao amin'ny Didim-panjakana laharana 31028/2012 tamin'ny 29 novambra 2012 mametra ny fitsipika mandamina ny Sekolim-pirenena ho an'ny « Inspecteurs sy Agents de Police » ;
- Araka ny Didim-pitondrana iraisan'ny Ministera laharana 22387/2011 tamin'ny 22 Jolay 2011 mametra ireo sandam-pikarakarana sy fikojakojana ireo mpianatra ao amin'ny Sekolin'ny Polisy mandritra ny fanofanana fototra.
- Araka ny taratasy laharana faha 263 -MEF/SG/DGBF/DGEAE/SGEAE tamin'ny 21 Jolay 2025 manome ny lahatsoratra teti-bola ampiasaina ho amin'ny taona 2025 ;
- Araka ny « Note de conseil » laharana faha 682/2025-PM/SGG/SC tamin'ny 10 septembre 2025.

# DIA MAMOAKA IZAO DIDIM-PITONDRANA IZAO

**Andininy voalohany**.NyMinisiteran'ny Filaminam-bahoakadia mikarakarafifaninanana mivantanahidirana ao amin'nySekolim-pirenena ho an'ny « Inspecteurs » sy « Agents de Police »ao Antsirabe, ho amin'nyfandraisana mpianatra « Agents de Police » miisa dimanjato (500).

**Andininy faha-2.**Mizara ho dingana roa ny fifaninanana :
Ny dingana voalohany dia hatao ny 20 sy 21 Desambra 2025 any amin'ireo foibem-panadinana enina ambin'ny folo (16) manaraka ireto :

- ANTANANARIVO RENIVOHITRA
- ANTSIRABE I
- FIANARANTSOA I
- AMBOSITRA
- MANAKARA
- TOAMASINA I
- AMBATONDRAZAKA
- MAROANTSETRA
- MAHAJANGA I
- ANTSOHIHY
- MAINTIRANO
- ANTSIRANANA I
- SAMBAVA
- TOLIARY I
- MORONDAVA
- TOLAGNARO

- Ny dingana faharoa amin'ny fanadinana dia hatao amin'ny daty, ora ary toerana izay ho faritana manaraka.

**Andininy faha-3.** Mifanaraka amin'ireo fepetra ao amin'ny Andininy faha 21 ny Lalàna laharana 96-026 tamin'ny 02 Oktobra 1996 mikasika ny Sata Ankapobeny Mahazakatena ho an' ireo mpandraharaha eo anivon'ny Polisim-pirenena ireo mpiadina tsirairay dia tsy maintsy mahafeno ireto fepetra ankapobeny manaraka ireto :
- Mizaka ny zom-pirenena Malagasy ;
- Mizaka ny zo maha olom-pirenena azy,manana fitondran-tena sy ara-moraly mendrika ;
- Tsy mbola nisazy na nigadra na niharan'ny sazy mihantona ;
- Ara-dalàna eo amin'ny fanompoam-pirenena ;
- Mahafeno fepetra ara-batana sy ara-pahasalamana ilaina amin'ny asa maha-polisy, ary voamarin'ny dokotera fa afaka miasa na amin'ny andro na amin'ny alina ;

**Andininy faha-4**. Ny fifaninanana dia misokatra ho an'ny mpiadina lahy sy vavy :
- feno 21 taona raha kely indrindra ary 30 taona raha be indrindra raha oharina amin'ny taonan'ny fifaninana (teraka teo anelanelan'ny taona 2004 sy 1995) ;
- Mirefy 1,65 metatra fara-fahakeliny tsy misy kiraro, ho an'ny lahy sy vavy ;
- Manana fahitana 10/10ème amin'ny maso roa ;
- Manana mari-pahaizana BEPC (Brevet d'Etudes du Premier Cycle) na diploma mitovy lanja eken'ny Ministera misahana ny Asam-panjakana.

**Andininy faha-5**. Mifanaraka amin'ny andininy faha-27 vaovao ao amin'ny didim-panjakana laharana 2011-447 tamin'ny 09 aogositra 2011, manova sy mameno ny andininy sasantsasany ao amin'ny Didim-panjakana laharana 2005-500 tamin'ny 19 jolay 2005, amehezana ireo fombafomba ankapobeny mifandraika amin'ny fandaminana ireo fifaninanana ara-panjakana, ireo mpianatra rehetra eo an-dalam-piofanana any amin'ny sehatr'asam-panjakana hafa dia tsy afaka mandray anjara amin'ity fifaninanana ity.

**Andininy faha-6**. Ny antontan-taratasy ilaina amin'ny fandraisana anjara amin'ny fifaninanana dia ahitana ireto manaraka ireto :

- Taratasim-pisoratana anarana roa fenoina araka ny tokony ho izy, (modely alaina eny amin'ny sampan-draharaha mandray ny antontan-taratasy na amin'ny tranonkalampifandraisana : https://www.pn.gov.mg) (Cf. ANNEXE I) ;
- Valopy « Kraft » lehibe iray misy ny anarana feno, ny sokajy ary ny toeram-panadinana nosafidian'ny mpiadina, atao sorabaventy ;
- Sary tapaka vao nalaina miisa efatra mitovy, misy ny anaran'ny mpiadina feno sy ny sokajy nosafidiany ao ambadika ;
- Sary lava iray, misy ny anaran'ny mpiadina feno sy ny sokajy nosafidiany ao ambadika ;
- Valopy roa misy hajia arivo ariary (1000 ariary) misy ny adiresy sy ny laharan'ny finday ny kandida ;
- Tapakila manamarina ny nandoavana ny sandam-pandraisana anjara dimy arivo sy telo alina ariary (35 000 Ar) arotsaka amin'ny MINISTERAN'NY FILAMINAM-BAHOAKA ao amin'ny kaonty laharana : 05000 /1 566776 000 0 (62), ao amin'ny Banky BOA. Tsy averina ny vola raha misy tsy fahafahana na tsy fahafenoan'ny antonta-taratasy ;
- Dika mitovin'ny Karapanondrom-pirenena voamarina ;
- Fanomezan-dalàna an-tsoratry ny ambaratongam-pahefana ambony ho an'ny mpiadina efa mpiasam-panjakana na miaramila ;
- Fangatahana atao an-tsoratra iray izay manondro ny toeram-panadinana nosafidina izay havantana amin'Andriamatoa MINISITRY NY FILAMINAM-BAHOAKA ;
- Taratasy iray mirakitra ny antony handraisany anjara amin'ny fifaninana, izay atao an-tsoratra ka havantana amin'Andriamatoa MINISITRY NY FILAMINAM-BAHOAKA ;
- Taratasy iray izay ataon'ny mpifaninana ho fanambarana an-tsitra-po (modely alaina eny amin'ny sampan-draharaha mandray ny antontan-taratasy na amin'ny tranonkalampifandraisana : https://www.pn.gov.mg) (Cf. ANNEXE III) ;
- Fanamarinam-pahaterahana iray latsaky ny telo volana, na didy hitsivolana avy amin'ny tribonaly ho an'ireo izay nanao « jugement supplétif » ;
- « Casier judiciaire » (bulletin n°3) latsaky ny telo volana ;
- Fanamarinam-ponenana latsaky ny telo volana ;
- Taratasy iray manamarina ny maha ara-dalàna ny fanompoam-pirenena ;

- Taratasy iray manamarina ny refy, ary misy ny sonian'ny "Officier de Police Judiciaire", izay omen'ny sampan-draharaha misahana ny fandraisana mpiasa (modely alaina eny amin'ny sampan-draharaha mandray ny antontan-taratasy na amin'ny tranonkalampifandraisana : https://www.pn.gov.mg) (Cf. ANNEXE IV) ;
- Taratasy iray manamarina ny tsy fitondrana vohoka ho an'ny mpiadina vehivavy ;
- Taratasy iray manaporofo ny fahatsaram-pitondran-tena avy amin'ny fokontany, atao anaty valopy mihidy (modely alaina eny amin'ny sampan-draharaha mandray ny antontan-taratasy na amin'ny tranonkalampifandraisana : https://www.pn.gov.mg) (Cf. ANNEXE II) ;
- Taratasy iray manamarina ny fizaham-pahasalamana sy ny refy (modely alaina eny amin'ny sampan-draharaha mandray ny antontan-taratasy na amin'ny tranonkalampifandraisana : https://www.pn.gov.mg), atao anaty valopy mihidy tsara avy amin'ny dokoteram-panjakanana ary manamarina ny refy ;
- Dika mitovy miisa roa amin'ny mari-pahaizana « Brevet d'Etudes du Premier Cycle de l'Enseignement Secondaire (B.E.P.C) » voamarina na mari-pahaizana mitovy lenta amin'izany izay voamarin'ny sekoly namoaka izany izay eken'ny Ministeran'ny Asam-panjakana. Ny Mari-pahaizana tena izy dia aseho eo ampametrahana ireo antonta-taratasy ary averina amin'ny tompony avy eo ;
- Ny mitovy lenta amin'ny marim-pahaizana dia tsy maintsy miaraka amin'ny didim-pitondrana izay angatahina any amin'ny Ministeran'ny Asam-panjakana ;

__Andininy faha-7.__ Ny antontan-taratasy feno ilaina amin'ny fisoratana anarana dia aterina mivantana amin'ny Foibem-Paritry ny Filaminam-bahoaka misy ny foibem-panadinana nofidiana na ao amin'ny Sampan-draharahan'ny Fandraisana Mpiasa Anosy Antananarivo ho an'ny mpifaninana ao foibem-panadinana Antananarivo ;

Ny mpifaninana ihany no manatitra ireo antontan-taratasy ireo ;

Ny fetra farany fanaterana ireo antontan-taratasy ireo dia ny faha 28 Novambra 2025 amin'ny enina ora hariva ;

Ireo antontan-taratasy tsy feno na aterina aorian'io daty sy ora voatondro io dia tsy ho raisina.

__Andininy faha-8.__ Ny hosoka sy ny fampiasana hosoka, ny tsy fahatomombana na ny tsy fanarahana ireo fepetra sy izay voarakitry ny lalàna manankery dia mitarika avy hatrany ny fanafoanana ny fisoratana anarana, na fanalana tsy ho ao antin'ny lisitrin'ny afa-panadinana na fandroahana any amin'ny Sekoly mandritry ny fiofanana ankoatran'ny fanenjehana ara-pitsipi-pifehezana na araka ny lalàna velona.

__Andininy faha-9.__ Ireo antotan-taratasy tonga ao amin'ny Foibem-Pitondran'ny Polisim-pirenena dia lasa fananany ka tsy averina amin'ny tompony na inona na inona antony. Ny Foibem-pitondrana no miantoka ny tsiambaratelon'ireo voarakitra amin'izany.

__Andininy faha-10.__ Ny fiovana toeram-panadinana dia tsy azo ekena aorian'ny fametrahana ny atontan-taratasy.

__Andininy faha-11.__ Ny lisitry ny mpifaninana afaka handray anjara amin'ny fifaninana dia atao peta-drindrina eny amin'ny Ministeran'ny Filaminam-Bahoaka Anosy Antananarivo sy eny amin'ireo Foibem-Paritry ny Filaminam-Bahoaka.

Ireo mpifaninana nahazo alalana ihany no afaka hanatrika ny fanadinana rehetra.

__Andininy faha-12.__ Ny fifaninanana dia ahitana dingana roa :
- Dingam-pahafahana voalohany ;
- Dingam-pahafahana tanteraka.

__Andininy faha-13.__ Ny fandaharam-potoana ny adina amin'ny dingam-pahafahana voalohany dia :

| DATY sy ORA | | TARANJA | FAHARETANY | SALAN'ISA |
|---|---|---|---|---|
| 20/12/2025 | 09ora-11ora (maraina) | Fanontaniana isafidianana ny valiny mahakasika ny fahalalana ankapobeny amin'ny fiteny Frantsay na amin'ny teny Malagasy | 02 ora | 02 |
| | 2 ora-5ora (folak'andro) | Laza adina mikasika ny Tantara sy Jeografian'i Madagasikara amin'ny fiteny Frantsay na amin'ny teny Malagasy | 03 ora | 02 |
| 21/12/2025 | 09ora-11ora (maraina) | Laza adina iray mikasika ny fahaiza-manoratra ny teny Frantsay (Technique d'expression française) | 02 ora | 02 |
| | 2 ora-4ora (folak'andro) | Malagasy (Fitsipi-pitenenana-Riba-Famoronan-dahatsoratra) | 02 Ora | 02 |

**Andininy faha-14.** Ny dingana faharoa dia atao amin'ny andro sy ora voatondron'ny Filohan'ny mpanadina, izay tendren'ny Didim-pitondrana avy amin'ny Minisitry ny Filaminam-bahoaka, ary ahitana ireto manaraka ireto :

a) Adina am-bava amin'ny fiteny Frantsay na amin'ny teny Malagasy mahakasika lohahevitra alaina an-tsapaka momban'ny fahalalana ankapobeny
Faharetany : 15 minitra ka 5 minitra no fiomanana ; lanjan'isa : 2

b) Adina ara-batana sy fanatajahan-tena ahitana hazakazaka (demi-fond, course de vitesse), tsipy fonjam-by, fiakarana an-tady, tsambikina amin'ny halavany, ary ny fatran'isam-pahombiazana dia voafaritra ao amin'ny tovana (ANNEXE V)
Lanjan'isa : 2

**Andininy faha-15.** Ny Adina rehetra dia omena isa eo anelanelan'ny 0 ka hatramin'ny 20. Ny naoty latsaka ny 07/20 dia mahatonga tsy fahafaham-panadinana avy hatrany amin'ireo dingam-pahafahana roa ;

Ny mpiadina tsy tonga tamin'ny taranja iray dia tsy afaka miatrika ny taranja manaraka rehetra ary tsy afa-panadinana avy hatrany.

**Andininy faha-16.** Ireo mpiadina izay afaka amin'ny adina an-tsoratra dia ambara fa afaka amin'ny dingana voalohany. Ny fandrafetana ny lisitry ny afaka amin'ny dingana voalohany dia atao amin'ny fiheverana ny isan'ny toerana tena ilaina manaraka ny fitsipika 1,3 avo henin'ny isan'ny mpiadina raisina.

**Andininy faha-17.** Haverina atao fizaham-pahasalamana ireo mpiadina afaka amin'ny dingana voalohany ka mpitsabom-panjakana efa natokana hiara miasa amin'ny Ministeran'ny filaminam-bahoaka no manao izany, araky ny fenitra SIGYCOP.Atao peta-drindrina ny mombamomba izay tokony atao amin'ny fanatanterahina ny famerenana fizaham-pahasalamana, ho fampilazana ireo mpiadina afaka amin'ny dingana voalohany ;

Ny tanjon'ny fitsirihana ara-pahasalamana dia ny hahazoana antoka fa manana hery sy fahasalamana afaka manaraka fiofanana fototra izay hilàna ezaka ara-batana mafy ireo mpifaninana. Tokony hiomana amin'izany lafiny izany ny mpifaninana rehetra rehefa voaray.

Ny vehivavy mpifaninana dia tsy maintsy manatanteraka fitiliana fitondrana vohoka avokoa.

**Andininy faha-18.** Haverina alaina refy ireo mpiadina afaka amin'ny dingam-pahafahana voalohany ka ny sampan-draharaha misahana ny fandraisana mpiasa no manao izany, araky ny nanaovana azy teny am-piandohanan'ny fifaninanana ;

**Andininy faha-19.** Ny valin'ny fitsirihana ara-pahasalamana sy ny famerenana fakana refy dia anisan'ny fepetra miantoka ny fahafahan'ny mpiadina fanadinana na tsia ;

Ny vokatry ny fanaovana hosoka amin'ireo valin'ny fitsirihana ara-pahasalamana dia andraikitr'izay nanao azy.

**Andininy faha-20.** Ny lisitr'ireo mpiadina afaka tamin'ny dingam-pahafahana tanteraka dia ho raisina amin'ny alàlan'ny didim-pitondrana avy amin'ny Minisitry ny Filaminam-bahoaka sy ny Minisitrin'ny Asa, ny Fampananana Asa ary ny Asam-panjakana, alohan'ny hamoahana am-pahabemaso izany amin'ny alàlan'ny peta-drindrina sy amin'ny Gazety Ofisialy.

**Andininy faha-21.** Ny mpikamban'ny vaomieran'ny fanapahan-kevitra dia tendrena amin'ny didim-pitondran'ny Minisitry ny Filaminam-bahoaka. Ny vaomieran'ny fanapahan-kevitra dia afaka, araky ny fiheviny, mandinika ny antota-taratasy rehetra momban'ny mpiadina. Ny vaomieran'ny fanapahan-kevitra dia tsy refesi-mandidy ary malalaka amin'ny fanapahan-keviny. Nefa tsy maintsy manaraka ny voalazan'ny fitsipika sy ny lalàna mifehy ny fifaninanana izy ireo.

**Andininy faha-22.** Mifanaraka amin'ny andininy faha 26 vaovao, andalamiditra faha 2 ao amin'ny didim-panjakana laharana 2011-447 tamin'ny 09 aogositra 2011, manova sy mameno ny andininy sasantsasany ao amin'ny Didim-panjakana laharana 2005-500 tamin'ny 19 jolay 2005, amehezana ireo fombafomba ankapobeny mifandraika amin'ny fandaminana ireo fifaninanana ara-panjakana, ny valin'ny fifaninanana dia tsy maintsy avoaka ao anatin'ny valo amby efa-polo (48) ora aorian'ny fanapahana farany.

**Andininy faha-23.** Araka ny Didim-panjakana laharana faha-74-034 tamin'ny 25/01/1974, ireo mpiasam-panjakana afaka amin'ny fanadinana ara-panjakana ary manao fiofanana ao amin'ny ivon-toeram-pampianarana arak'asa eto Madagasikara dia mandray ny karama maha-mpiasam-panjakana azy mandritra ny fotoam-piofanana.

Ireo mpiadina voaray tamin'ireo sokajim-pifaninanana roa dia tendrena ho mpianatra « Agents de Police » izay miatrika fiofanana Herintaona ao amin'ny Sekolim-pirenen'ny « Inspecteurs » sy « Agents de Police » Antsirabe. Mandritra ny

fiofanana dia fitsipi-pifehezana kilasy mandry no hitantanana azy ireo ary mandoa sandam-pandraisana anjara amin'ny fandaniana izy ireo izay faritana mialohan'ny fiofanana.

**Andininy faha-24.** Ho fampiharana ny Didim-panjakana laharana 2002-1549 ny 03 Desambra 2002 mikasika ny Sata manokan'ny Firaisan-draharahan'ny « Brigadiers » sy « Agents de Police », ny mpianatra ho « Agents de Police » voaray tamin'ny fifaninana, izay tsy mbola mpiasam-panjakana dia mandray sandam-pikojakojana izay voafaritry ny Lalàna manankery.

**Andininy faha-25.** Araka ny andininy 8 amin'ny Didim-panjakana laharana 2002-1549 ny 03 Desambra 2002 mametra ny Sata manokan'ny Firaisan-draharahan'ny « Brigadiers » sy « Agents de Police », Ireo mpianatra ho « Agents de Police » afaka tanteraka tamin'ny fanadinana famaranan-taona tao amin'ny Sekolim-pirenena ho an'ny « Inspecteurs » sy « Agents de Police » dia tendrena ho « Agents de Police » mpiana-draharaha, manana mari-karama 700, ary izany dia manaraka ny laharam-pahamendrehana mijotso tamin'ny laza adina famaranan-taona, ary misedra fizaran-draharaha herintaona izy ireo amin'izany.

**Andininy faha-26.** Raha misy tsy fahombiazana na fialan'iray na maromaro amin'ireo mpiadina nataony an-tsoratra an-tsitrapo, na koa fahafatesan'ny mpiadina izay efa afaka tanteraka dia atao ny paik'ady momba ny fanoloana ;
Ny paik'ady momba ny fanoloana dia atao ao anatin'ny dimy amby efapolo (45) andro manaraka ny taom-pidiran'ny Andiany.

**Andininy faha-27.** Noho ny hamehana ary araky ny andininy faha 61 ny Didy hitsivolana laharana 62-041 tamin'ny 19 septambra 1962 mahakasika ny fepetra voalaza ao amin'ny lalàna anatiny sy ny lalàna tsy miankina iraisam-pirenena, dia manan-kery avy hatrany ity Didim-pitondrana ity manomboka amin'ny fampahafantarana azy amin'ny haino aman-jery ankoatra ny fampidirana azy ao amin'ny gazetim-panjakana.

**Andininy faha-28.** Foana avokoa ireo fepetra rehetra teo aloha izay mifanohitra amin'ity Didy ity.

**Andininy faha-29.** Raiketina an-tsoratra, ahely sy ampahafantarina amin'izay rehetra ilàna azy izao didy izao.

Antananarivo, faha 17 SEP. 2025

NY PRAIMINISITRA, LEHIBEN'NY GOVERNEMANTA
Anomezam-pahefana

NY MINISITRY NY ASA, NY FAMPANANAN'ASA ARY NY ASAM-PANJAKANA

RAZAKABOANA Hanitra Fitiavana

NY MINISITRY NY FILAMINAM-BAHOAKA

RAKOTOARIMANANA Herilala
Inspecteur Général de Police